**TORITENY FIPIKRI 09 MARTSA 2019**
**AINA SA VOLA?**
**ANDININY FOTOTRA: Genesisy 19:12-17; 24-26**

**FAMPIDIRANA**

1- Asaivo manome ohabolana mahakasika ny vola (na ny harena) na mahakasika ny "aina", na izy roa miaraka, ny fiangonana.

2- Asaivo manome andininy ao amin'ny Baiboly mahakasika izany koa izy ireo.

Rehefa izany dia lazao ireo andininy efa mahazatra ireto:

Indreto ohatra misy andininy malaza ao amin'ny Baiboly izay mampitaha ny aina amin' ny harena:

***Lioka 12:15*** *"Ary hoy Izy tamin'ny olona: Mitandrema, ka miarova tena mba tsy ho azon'ny fieremana (fitiavan-karena) ianareo; fa ny ain'ny olona tsy miankina amin'ny habetsahan'ny zavatra ananany."*

***Marka 8:36*** *"Fa inona no soa azon'ny olona, raha mahazo izao tontolo izao aza, kanefa very ny ainy?"*

***Joba 1:12*** *"Dia hoy Jehovah tamin'i Satana: Indro eo an-tananao izay ananany rehetra; fa ny tenany ihany no aza aninjiranao ny tananao." Te hilaza Andriamanitra hoe "Raha very ny vola dia mbola tsy misy zavatra very, fa raha very ny ainy dia very ny zavatra rehetra."*

***Lioka 12:20*** *"Fa Andriamanitra kosa nanao taminy hoe: Ry adala, anio alina no halaina aminao ny fanahinao, ka ho an'iza izay zavatra noharinao?" Izany no fiafaran'ny tantaran'ilay mpanan-karena adala.*

Mbola misy maro hafa koa! Fa handeha isika hifantoka ny amin'I Lota sy ny vadiny rehefa nilaza taminy ireo anjely fa horavan'Andriamanitra ny tanàna. Nasaina namonjy ny ainy izy ireo. Vakio ny **Genesisy 19:12-17**

**"Ary na zovy na zovy ananananao ato an-tanàna, ento miala amin'ity tanàna ity":** Izany hoe, na iza na iza no hanananao fifandraisana, na havana akaiky na lavitra; satria tsy hisy fotoana hamonjena ny fananany, na ny ao an-tranony izany, na ny ao an-tanàna na aiza na aiza misy azy.

Eo imason'Andriamanitra dia manan-danja kokoa ny olombelona noho ny harena. Tsy nilaza Izy hoe "Ento miaraka aminao izay ananananao, na izay manan-danja aminao." Tsy nasain'Andriamanitra hivarotra ny fananany izy ka hivoaka ny tanàna avy eo miaraka amin'ny vola azony.

## I. I LOTA AMIN'NY MAHA MPITORITENY AZY

Nomena toromarika i Lota mba hampilaza amin'ny namany sy ireo olona nifandray taminy hoe afaka ny hovonjena izy ireo raha mbola naniry izany *(Gen. 19:12): "Mbola manana ato koa va*

*ianao? dia izay vinantonao-lahy sy ny zanakao-lahy sy ny zanakao-vavy, ary na zovy na zovy anananao ato an-tanàna, ento miala amin'ity tanàna ity."*

Gen. 19:14. Hita eto I Lota amin'ny maha- mpitory ny Tenin'ny fahamarinana azy, ary ny hafatra notoriny dia santionany amin'ny fampitandremana izay tsy maintsy atao amin'ny mpanota. Ilay didy mitaky andraikitra lehibe dia ny hanao izay azony atao rehetra ho famonjena izay rehetra nifandray taminy, ny hisambotra azy ireny hitsoaka amin'ilay afo. Ireo izay afaka tamin'ny toeran'ny mpanota vokatry ny fahasoavana dia tokony hanao izay azony atao amin'ny fanafahana ny hafa, indrindra fa ireo olona manana rohim-pihavanana aminy sy ireo manana fifandraisana aminy.

**1. Manolotra ny famonjena hatramin'ny hirika farany azo atao**. Nivoaka I Lota ary nampitandrina ireo vinantolahiny ny amin'ny loza mandindona, ary namporisika azy ireo mba hitsoaka (Gen. 19:14). Mpitory ny fahamarinana ho azy ireo izy, eny fa na dia efa eo ambavahaonan'ny kapoka aza ireo olona ireo. Mbola misokatra farany ny varavaram-pamindram-po, ary mbola afaka mahita famonjena ny olona na dia toa efa tara aza ny fahatongavany. Adidintsika ny manambara ny famindram-pon'Andriamanitra amin'ireo mpanota raha mbola misy ny fotoana.

Famindram-po mitovy no nomena ny ankohonan'i Lota, ireo vinantolahiny sy ny zananivavy. Na dia tsy mendrika sy tsy niraharaha aza ny sasany tamin'ireo, dia mbola nomena fahafahana hahazo ireo fitahiana azon'ilay ankohonana nanao fanekena izy ireo. Ny fifandraisana rehetra amin'ny vahoakan'Andriamanitra dia tombotsoa izay azo hatsaraina ho lasa tombony azo tsapain-tanana. Tsy nanontany izy ireo hoe sao dia misy olona marina fantany tao amin'ny tanàna ka tokony tsy haringana; nanontany fotsiny izy hoe iza no havana mbola ao, na olo-marina na tsy marina, mba ahatonga an'ireo ho voavonjy miaraka aminy.

Toy izao no fampitandremana miharo rariny sy hitsiny nataon'I Lota tamin'izy ireo: *Miaingà, miala amin'ity tanàna ity*. Manaitra sy mitaky hetsika haingana io fomba fiteny io. Tsy misy fotoana hihanahanana intsony satria efa mby am-baravarana ny fandringanana. Tsy nanana efapolo andro mbola hibebahana tahaka ireo Ninivita izy ireo. Raha dila izao fotoana anio izao dia tsy hisy intsony ny fotoana hitsoahan'izy ireo. Natao izany hiaka izany tamin'ny misasak'alina. Toy izany no tokony ho antso ataontsika amin'ireo izay mbola tsy niova fo, mba hitodihany ka ho velona.

**2. Tampoka sy manaitra**. Maika ny toe-javatra eto ary tsy misy fe-potoana azo leferina intsony. Ireo izay voakasika eto dia nantsoina manokana, ary teny fohy no nanambarana ny loza mety hanjo azy ireo teto. Fantatr'ilay mpitoriteny ny loza, ary vetivety monja no anaovan'ny olona izany asa izany rehefa tsapany ny maha-mahery vaika ny loza; toy ireo mpianatra tao amin'ny tafiotra izay tsy sahy niteny betsaka mahakasika ny herin'ny rivotra sy ny hasiahan'ny ranomasina, fa dia nilaza fotsiny hoe, "Tompo o, vonjeo izahay raha tsy izany izahay ho faty." Tsy maintsy tairina amin'ny teny maranitra sy mandodona izay tsy manome toerana ho amin'ny fisalasalana mihitsy ny mpanota.

**3. Teny ombam-pahefana.** Nasehon'I Lota ireto mpanota ireto ny fahefana izay nitenenany: *"fa horavan'i Jehovah ity tanàna ity."* Ny Minisitry ny Filazantsara dia manana ny fahefana hampitandrina ny mpanota amin'ny loza hanjo azy. Ary sady resy lahatra ny amin'ny zavatra teneniny amin'ny hafa koa izy.

**4. Am-pitiavana**. Nandeha tamin'ny ora tsy mahazatra tamin'ny alina I Lota mba hampitandrina ireo izay iray rà taminy. Azontsika antoka fa na dia tamin-kafanam-po sy tam-pahatokiana aza no niresahany, dia tam-pitiavana sy tamin-kalemem-panahy no niresahany tamin'izy ireo. Avy amin'ny fitiavana lalina ao am-pony no nitalahoany azy ireo hankato ny hafany. Amin'ny fomba toy izany ihany koa no tsy maintsy hitorian'ny marina amin'ireo mpanota, toy ny hoe mitory amin'ny Havana, kanefa sady zanaka tsy mendrika sy mpikomy.

*Amin'ny alalan'ny Famindram-pon'Andriamanitra irery ihany no mampahomby an'io fomba fanafahany io.* Nisy olona efatra izay novonjena, ary nisy naka endrik'olombelona hafa teo anelanelan'izy ireo. Tsy maintsy naninjitra ny tanany teo amin'I Lota sy ny vadiny, ary ny zanany roa vavy ireto anjely. Tanana efatra no nahinjitra mba hanafahana azy efatra ireo tamin'ny faharinganana, toy ny hoe nahinjitra tao anatin'ny herisetra mifono fitiavana izany. Moa ve tsy io asa io no tokony hifampizarantsika? Andeha isika hanaitaitra am-pitiavana ireo mitaredretra!

Nentiny ivelan'ny tanàna I Lota sy ny ankohonany, *"noho ny famindram-pon'I Jehovah taminy" (Gen. 19:16).* Noho ilay fitiavana manery no nahavoavonjy azy raha ny tena marina. Nalemy loatra raha ny fikasany ka tsy hahatanteraka ny fanafahana azy, ary raha navela izy irery no teo, dia mety ho ringana tao amin'ilay fandringanana faobe tao izy. Fahotana mahafaty ny mitodika!

## II- IREO NIANTEFAN'NY HAFATRA

**Toa toy ny mbola mandeha tsara ny zavatra rehetra.** Tsy nino izy ireo fa hiditra an-tsehatra Andriamanitra, ary nihevitra izy ireo anefa fa amin'ny toerana azo antoka amin'izao ao anatin'ny haratsiam-panahiny izao. Feno hatsarana ny lohasaha nanodidina azy, niroborobo ny tanànany, feno haratsiana ny tranony. Toa nitohy foana ny fitahian'ny Natiora, ary toa nirotsaka tsy an-kiato ireo fitahiana avy any Ambony. Niposaka tamim-pahazavana tsara ny masoandro tamin'io andro io, ary toa nampanantena izy fa ho tsara toy ny isan'andro ny andro. Tao anatin'ny fotoana fohy anefa, dia nidina ilay farihy afo avy any an-danitra ary namafa azy ireo tamin'ny fandringanana tampoka. Izany no santionany amin'izay hitranga amin'ny fahatongavan'ny Fitsarana farany. Izay ilay hoe *"tahaka ny tamin'ny andron'I Lota" (Lioka 17:28-30).*

Jereo ny fanaovan'izy ireo tsinontsinona ilay fampitandremana: "*Fa nataon'ny vinantony ho tahaka ny mpanao vazivazy izy."* Nihevitra izy ireo angamba fa nanakorontana ny sain'I Lota ny fanafihana vao nataon'ireo Sodomita tao an-tranony vao eo, ary nahatonga azy ho tora-kovitra ka tsy nahalala intsony izay zavatra teneniny; na koa nihevitra izy ireo fa tsy dia manao ahoana loatra ny resany taminy. Ireo izay nanana fiainana mahafinaritra sy tia nivazivazy, dia nananihany an'ity fampitandremana ity, ary dia maty tao anatin'ny firodanana tao izy ireo. Ny fanesoesoana no fialofana farany ho an'ireo izay manohitra ny marina.

Toy izany ihany koa ireo izay ampitandremana ny amin'ny fahantrana sy ny loza izay mbola itoerany, toa manamaivana izany noho ireo fahotany, ary mihevitra fa manao vazivazy aminy fotsiny ny Pasitorany; ho ringana ireny ary hitohoka amin'ny tendany ny rany.

Manoloana ireo fahakiviana rehetra, dia mety tsy hisy vokany ny ezaka ataontsika. Nataon'ny olona tsinontsinona ny hafatra nentin'I Lota, kanefa dia mbola nampitandrina arak'izay tratra izy, nanao izay rehetra azony natao. *"Fa nataon'ny vinantony ho tahaka ny mpanao vazivazy izy."* Tsy nisy akony tamin'ireo ny fampitandremana nataony. Nandà tsy handray ilay famindram-po

natolotra azy izy ireo. Tsy maintsy manao ny adidintsika isika na dia mety ho lavin'ny olona amin'ny fankahalana tsy misy antra aza izany.

## III- SADY MAMONJY NY HAFA NO MAMONJY NY TENA (Gen.19: 16)

Nirona loatra tao Sodoma ny fon'I Lota ka dia tsy taitra ny handao ny tanàna akory izy. Io tsy fahatairana hanao izay asain'Andriamanitra atao io dia famantarana mahazatra maneho ny marimaritra iraisana sy ny fihemorana. Hianarantsika amin'ity tantara ity anefa fa *ny fomba hanafahan'Andriamanitra antsika matetika dia mifanohitra amin'ny sitrapontsika*. Nitaredretra toy ny hoe mbola tsy te hiala ao an-tanàna I Lota. Ny voambolana Hebreo eto dia milaza hoe "nanao izay hahatara azy izy", na koa "nanakana ny tenany izy". Maro ireo nalehan'ny sainy mahakasika ny raharahany ka mbola nihazona azy tao amin'io toerana efa voahozona io.

Hita mazava eto ny voka-dratsin'ny fiainan'ny marimaritra iraisana niainan'I Lota. Rehefa niteny tam-pahamatorana lalina tamin'ireo vinantolahiny mahakasika ny fitsaran'Andriamanitra izy dia tsy nino azy izy ireo. Misy Kristiana sasany izay manambara ny amin'ny fiavian'I Jesosy efa antomotra kanefa tsy hitan'ny mpanota eo amin'ny fiainan'io mpitondra hafatra io akory ny tena hevitr'ilay hafatra. Rehefa milaza amin'ny havanao ianao hoe efa akaiky ny fara-andro, mba hitan'izy ireo eo amin'ny fomba fiainanao ve ny hevitr'izany?

*Adinon'I Lota hoe inona no tokony ho andraikiny voalohany.* Miankina aman'aina ity resaka ity. Ny trano sy ny fananana ary ny fonenana ao anatina firenena manan-karena sy mahafinaritra dia mandalo ao anatin'ny fotoana fohy monja, raha ampitahaina amin'ny tombambidin'ny fiainantsika, miaraka amin'ny fananana anankiray izay tena akaiky antsika mihoatra noho ny zavatra rehetra dia ny aintsika izany. Tsy misy soa azon'ny olona raha mahazo izao tontolo izao izy kanefa very ny *ainy*. Hadalana izany hoe mirisika handany fotoana amin'ny zavatra tsy misy heviny izany, kanefa tandindomin-doza ny zava-tsarobidy lehibe indrindra.

(Gen. 19:17). Tandindomin-doza ny aina ary tsy afaka mahita fialofana afa-tsy ny fitsoahana any an-tendrombohitra I Lota. Raha mitaredretra ety ambany izy ka mandà tsy hiolomay, dia tsy maintsy ho tratry ny faharinganana tanteraka. Tsy hamonjy azy Andriamanitra raha tsy misy ezaka avy aminy. Toy izany koa ny amintsika. Tsy latsa-danja amin'izany ny mahavoakasika ny aintsika. Fomba iray ihany no ahafahana mitsoaka – amin'ny alalan'ny fandavana ny tenantsika, ny fialàna amin'ny fitokisantsika amin'ny herintsika, ny otantsika - ary ny fanekentsika amin'ny fahafenoany ny fomba hamonjen'Andriamanitra antsika. Tsy mahazo mitaredretra eo amin'ny lohasahan'ny izaho isika, na hijoro amin'ny fibanjinana am-panenenana ny amin'ireo zavatra nafointsika, fa tsy maintsy milefa any an-tendrombohitra, eo amin'ilay vatolampy izay avo noho isika, satria eo irery ihany no ahitantsika fialofana dia Jesosy.

## IV- NITODIKA SATRIA TSY MBOLA VONONA NY HIALA

Nandidy an'I Lota ireo anjely izay tonga namonjy azy, ka nanao hoe, *"Miaingà, ento ny vadinao sy ny zanakao roa vavy izay eto, fandrao mba haringana ianao noho ny heloky ny tanàna." (Gen. 19:15).* Ankoatran'izay dia nasaina tsy hitoditodika izy mba hamonjena ny ainy, fa kosa hitsoaka any an-tendrombohitra raha tsy izany dia ho levon'ny afo.

Nanohy ny diany I Lota sy ireo zananivavy, saingy nitodika kosa ny vadiny ka novàn'Andriamanitra ho lasa vongan-tsira izy raha teo am-pitsoahana ny fandravana ny tanàna.

Nahoana no nitodika izy? Tsy fitodihana kisendrasendra io. Ilay teny hoe *nitodika* dia mifono hevitra hoe *nifantoka nijery*. Mety azo lazaina ihany koa io hoe *nitaredretra tany aoriana*, na koa *niverina tany aoriana* mihitsy. Mety tsy te handao ny tanàna izy noho ireo fomba ratsiny izay efa nisisika tao am-pony. Mihoatra noho ny hoe tsy fananana fotoana hanangona ny zavatra nilainy sy ny tsi-fiomanana amin'ilay dia io resaka io. Tsy nisy fotoana nanomanana azy tamin'ilay fifindrana. Koa dia nitodika nijery izy. Maro ireo izay notairina mba hitsoaka, kanefa dia mbola mitodika mijery. Tsy hoe tsy nandre ilay antso ny vadin'I Lota; na nihevitra izany ho vazivazy, fa tena nino; nahatsapa ny loza izy ary nitsoaka. Niposaka anefa ny masoandro, ary tsara tarehy ny lohasaha manodidina, toy izany koa ny trano, toa tsy nisy famantarana ny loza akory.

**Nahoana no vongan-tsira?**

Tsy maintsy asiana sira daholo ireo fanatitra biby rehetra, araka ny voalazan'ny Testamenta Taloha (Levitikosy 2:13). Nampiasaina ihany koa izany mba ho fanombohana ny fanekena natao (Nomery 18:19), ary Elisa dia nanipy sira tao amin'ny farihy tao Jeriko mba hanadiovana azy (2 Mpanjaka 2:20,21).

Ny sira dia nampiasaina mba haneho heviny ambadika amin'ny toerana sasany ao amin'ny Testamenta Vaovao. I Paoly dia milaza fa tokony ho *"mamy sira"* (Kol. 4:6) ny fitenintsika, Jesosy dia miantso antsika hoe *"fanasin'ny tany" (Matio 5:13).* Maneho heviny mifampitohy ireo fijery vitsivitsy mahakasika ny fampiasan'ny Soratra Masina ny sira ireo. Koa satria zavatra lafo vidy ny sira ho an'ireo any amin'ny faritra "Proche-Orient" fahiny, dia lasa sary an'ohatra izany hanehoana ny hery manova entin'ireo mpino ao amin'izao tontolo izao.

Eto isika ankehitriny mba ho sira sy fahazavana ao anatin'izao tontolo izao izay mila antsika; ary rehefa tonga ny fotoana, dia haka antsika handeha hody Andriamanitra. Hoy ny nosoratan'I Rick Warren, *"Napetraka teto ambonin'ny tany mba hitondra ny anjara birikinao ianao. Tsy hoe noforonina fotsiny ianao mba handany ny eo am-pelatanana – mba hihinana, hifoka rivotra, sy haka toerana. Novolavolain'Andriamanitra ianao mba hitondra fahasamihafana eo amin'ny fiainanao. Noforonina ianao mba hitondra aina eto ambonin'ny tany fa tsy hoe handany fotsiny izay ao aminy. Tian'Andriamanitra ianao mba hamerina avy amin'ny zavatra noraisinao."*

Nisafidy ny hamadika ny vadin'I Lota ho vongan-tsira Andriamanitra satria tsy nahomby izy teo amin'ny tokony haha "fanasin'ny tany" azy, araka izay nolazain'I Jesosy tao amin'ilay Toriteny teo an-tendrombohitra. Toa fanesoana izany.

**FAMARANANA**

1. Inona no averinao? Moa ve sira sy fahazavana ho an'izao tontolo izao izay mila anao ianao ka hanoro azy ireo ny lala-marina? Sa ve ny fiainanao ho lasa tsangam-bato hanenenana amin'ny farany, ho lasa vongan-tsira izay hampatsiahy ny olona rehetra mandalo ny amin'ny tokony ho natao?
2. Mety ho nampiasa ny fahotan'ny vadin'I Lota Jesosy ao amin'ny Lioka 17:32-35. Hoy izy hoe, *"Tsarovy ny vadin'I Lota" (and. 32).* Amin'ny teny hafa dia tsy tokony hisy Kristiana izay hanana fo tahaka ny an'ny vadin'I Lota amin'izao andro farany izao, dia fo izay tia an'izao tontolo izao, ka halahelo ny amin'ny fitsarana azeran'Andriamanitra aminy. "*Na zovy na zovy mitady hamonjy ny ainy dia hahavery azy; ary na zovy na zovy no hahavery ny ainy dia hahazo izany." (and. 33).* Nampiasain'i Jesosy ny zava-niseho tamin'ny vadin'i Lota mba ho fampitandremana ho an'ireo mpino izay manantena ny ho voavonjy, rehefa niresaka ny amin'ny famonjena farany amin'ny fara andro izay hakany ny Vahoakany hody Izy.

3. Ny zava-niseho tamin'ny vadin'i Lota dia mampatsiahy antsika fa tsy eto an-tany no fonenantsika. Natao ho amina toerana hafa isika – toerana izay nandehanan'i Jesosy mba hanomanany antsika – toerana izay hiverenany indray mba hakany antsika. MIANDRANDRA – Mila *miandrandra* ny fanafahana antsika isika, fa tsy *hiverina* indray eo amin'izao tontolo izao izay handalo sy efa masaka ho amin'ny fitsarana.
4. Nampitandrina antsika Andriamanitra fa horavana tsy ho ela ity tany ity. Andeha isika haka ny ohatr'i Lota mba hampitandrina ireo havantsika, ny fianakaviantsika. Mamelà ahy hametraka aminao ity fanontaniana ity: *"Mbola manana olona ato koa va hianao? Ilazao haingana izy fa horavana ny tanana.*
5. Maneho amintsika ny fiainan'i Lota fa azo atao izany hoe voavonjy ny fanahy kanefa nosimbasimbaina ny fiainana. Hovonjena i Lota, kanefa dia tsy nahavita na inona na inona ny fiainany, araka ny voalaza ao amin'ny *1 Korintiana 3:15 "Raha ho levon'ny afo ny asan'ny olona, dia ho fatiantoka izy; fa ny tenany kosa dia hovonjena, nefa toy ny avy ao amin'ny afo ihany izy."* Saika very i Lota, ary saika voavonjy ny vadiny.

6. Manan-danja mihoatra noho ny fitambaran'ny harentsika rehetra ny aina anankiray. Na ho ela na ho haingana dia ho avy ny fotoana izay hanjavonan'ireo zavatra rehetra azontsika sy nangonintsika, ao anatin'ny indray mipi- maso. Niady mafy isika mba hahazoana azy ireny ary mbola hiady mafy ihany koa isika mba hamoizana azy ireny. Tsara kokoa ny mamoy azy ireny ho an'Andriamanitra ankehitriny noho ny mamoy azy ireny ho amin'ny tsinotsinona amin'izay andro izay. Rehefa mahazo zavatra anankiray ianao dia mila mivonona ny hamoy azy.
7. Tsarovy fa rehefa mampitandrina ny hafa ianao dia aoka ho hitan'izy ireo fa mitsoaka mba hamonjena ny ainao koa ianao. Aoka ho azonao antoka ny hafatra entinao mba ho azon'izy ireo antoka ihany koa izany. Andriamanitra anie hitahy anao raha handeha hanomana ny havanao ho amin'ilay fandringanana ho avy ianao. Haninjitra ny tanany anie Izy hitarika anao hiala amin'ity tanàna ratsy ity, ka ho tonga any amin'ilay fialofana, ilay toerana nomaniny ho anao, dia ny lanitra izany.

Nomanin'I Pasitora Pierrot RAFIDINJANAHARY
Talen'ny Departemantan'ny FITANTANAM-PIAINANA KRISTIANA
Fivondronam-ben'ny Ranomasim-be Indiana.